REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA**

**NY FILOHA**

08 SEPT 2022

Taratasy misokatra

Ho

An'Andriamatoa Cristian Preda, Lehiben'ny iraka Mpanaramaso ny Fifidianana ao amin'ny Vondrona Eropeanina,

Tompoko,

Voarainay ny tatitra "Rapport Final" mikasika ny iraka nataonao sy ny mpiara-miasa aminao teto Madagasikara tamin'ny Aprily sy May 2022, misy azo anatsarana ny tontolon'ny fifidianana ny voalaza ao.

Saingy mba hanampiana anareo hanatsara koa ny tatitra amin'ny manaraka, dia tiako ny mampahafantatra anao fa :

Momba ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana sy ny Filohany ihany :

- Raha mikasika ny fanambaranareo hoe tsy azo antoka ny fahamarinan'ny fifidianana ho avy satria ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ankehitriny dia olona akaiky ny fitondrana.

Mahagaga fa toa mahita volana alohan'ny biby ianareo fa avy aiza moa no ahazoanareo manambara fa mbola hilatsaka ny Filoha ankehitriny satria izy aza mbola tsy nanao fanambarana na mivantana na ankolaka hoe hilatsaka. Dia zavatra kitoatoa sy vinavina toy izany no entina hanasoketanareo filohana Andrim-panjakana hiampangana azy fa tsy maintsy hampandany ny filoha ankehitriny.

Milaza ianareo fa efa Minisitra ny tenako tamin'ny Tetezamita. Moa ve fahotana izany? Fantaro fa avy amin'ny vondrona politika "Les AS" ny tenako satria noho ny fahalalan'io

vondrona io fa teknisianina aho dia narosony ho minisitra ary ny sata maha mpitsara ahy dia tsy mamela ahy hanao politika velively.

Ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ankehitriny dia nipoitra avy ao amin'ny Filan-kevitra Ambonin'ny Mpitsara (CSM), satria mpitsara daholo ny mpikambana ao misolo tena ny mpitsara eran'i Madagasikara, dia tsy manao politika izy ireo ary koa ny mpikambana vaovao ato amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana no nifidy ny tenako ho Filohan'ity Andrimpanjakana ity. Mandray didim-panjakana (na décret) fotsiny ny Filohan'ny Repoblika manamafy ny safidin'ny mpikambana fa tsy izy akory no misafidy izay ho Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana.

Koa ny filazanareo fa ny tenako dia tsy mendrika ho Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana fa tsy azo antoka fa mamofona politika dia ompa tsotr'izao ataonareo amin'ireo mpitsara ao amin'ny CSM sy ny mpikambana ato amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Izy ireo no mahalala ahy be lavitra noho ianareo izay manao tombana ivelany fotsiny mba entina handotoana ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ankehitriny.

Fanaovana tsinontsinona sy fanambaniana ny Mpitsara rehetra eto Madagasikara ny filazanareo fa tsy azo antoka ny olona nofidin'izy ireo hisolo tena azy any amin'ny Andrim-panjakana

Ankaotr'izany ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana dia tsy ny filoha irery no manampan-kevitra fa iarahana amin'ny mpikambana rehetra ary ao anatin'ny mangarahara tanteraka. Koa avy aiza no asahianareo milaza fa mirona amin'izatsy na amin'izaroa izy rehefa mitsara fifidianana ary afaka hanova ny valim-pifidianana ?

- Momba ny soso-kevitrareo hoe hatao Andrim-panjakana toy ny ao amin'ny andininy faha-40 ao amin'ny Lalampanorenana ny CENI :

  Mety ho soso-kevitra tsara io raha hanamafy ny fahaleovantenan'ity CENI ity, saingy manasa anareo aho hamaky tsara ny andininy 161 sy 162 ao amin'ny Lalampanorenana mikasika ny fanitsiana ity lalàna fototra ity. Fa raha voalaza ao amin'ny andiny faha-5 ity vaomiera ity dia tsy tafiditra ho anisan'ny Andrimpanjakana voalazan'ny andininy faha-40. Koa raha hatao Andrimpanjakana no anatin'ity andininy faha-40 ity ny CENI dia tsy maintsy manao fitsapan-kevi-bahoaka satria Lalampanorenana no kitihina asiana fanitsiana.

HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Ianareo ve dia mihevitra fa vonona amin'izany ny firenena Malagasy amin'izao fotoana izao ary izany ve no mahamaika?

Sa kosa manao io soso-kevitra io ianareo mba hatao fanerena ankolaka sy mialoha ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana hanaiky izany fitsapan-kevi-bahoaka izany noho ny antony iray monja lazainareo?

- Momba ny volavolan-dalàna ahazoan'ny vehivavy andraikitra ambony :

Tsapa amin'ny voalazanareo fa toa mandoka be an'ity volavolan-dalàna ity ianareo ary toa maika ny hamoahana azy haingana hanan-kery.

Fantatrareo tsara anefa fa mbola dinihina ato amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ity lalàna vaovao ity hitsirihana hoe mifanaraka na tsia amin'ny Lalampanorenana.

Ny fahavitrihanareo amin'ny fanohanana azy ity dia midika ho fanerena ankolaka ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana hanambara fa mifanaraka amin'ny Lalampanorenana ity lalàna ity.

Amin'ny Fitsarana eran'izao tontolo izao, tsy azo atao ny mamoaka hevitra aampahibemaso toy izao ataonareo izao mikasika ny raharaha iray mbola dinihin'ny fitsarana.

Andriamatoa Lehiben'ny iraky ny Vondrona Eropeanina manara-maso ny fifidianana, eto am-pamaranana, dia fantaro fa vonona foana izahay ato amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana hifandinika sy hifanakalo hevitra aminareo mba hanatsarana ny tontolon'ny fifidianana fa tsy ekenay kosa ny finiavana hanao tsindry sy baiko mody atao amin'ny endrika soso-kevitra. Fantaro koa fa tompon'andraikitra amin'izay mety hisian'ny korontana eto Madagasikara aloha, mandritra ary aorian'ny fifidianana izay mamboly dieny izao tsy fahatokisana sy ahiahy amin'ny fahamarinam-piasan'ny Andrim-panjakana misahana ny fifidianana. Ahiahy sy tsy fahatokisana miainga amin'ny tombatombana fotsiny sy tsy mari-pototra akory.

Misaotra anao.

HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

FLORENT Rakotoarisoa